## TOAMASINA 4

# MIARAMILA SY ZANDARY NIARA-MATY NANAO TAINGIN-DROA TAMIN'NY MÔTÔ

## MARINA IZANY ! 7

### MIKISAKA TSIKELIKELY !

## AMBANJA 2

### HAMOKATRA SÔKÔLA IREO MPAMBOLY CACAO


# Gazetiko

www.gazetiko.mg


## JUDO-TOMPONDAKAN'I AFRIKA 2023 8

### HATAO ETO MADAGASIKARA AMIN'NY JOLAY

Laharana 7509 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 01 martsa 2023

## ANDRY RAJOELINA TANY NOSY VARIKA 7



### NITONDRA FANARENANA IREO FOTODRAFITRASA SIMBAN'NY RIVODOZA

## TIM-TRANSPARENCY INTERNATIONAL-CCFVP 7

# MANAO TSINDRY NY FANJAKANA HAMETRA NY VOLA HOLANIANA AMIN'NY PROPAGANDY



## TAOMBAOVAO MALAGASY 2023 3

### HANKALAZAINA AMIN'NY FOMBA MIAVAKA ENY ANTONGONA

## TOETRANDRO 2

# HITONDRA ROTSAK'ORANA BETSAKA INDRAY I FREDDY

## AMBOLOKANDRINA 4

### MPAMAKY TRANO 2 LAHY SAIKA NIHARAN'NY FITSARAM-BAHOAKA




Toetrandro

# Hitondra rotsakorana betsaka indray i Freddy

Hamaritra ny mety ho toetry ny andro eto amintsika ny sisan-drahona miaraka amin'ilay andro ratsy Freddy izay hita ao amin'ny lakandranon'i Mozambika. Tsy misy ahiana intsony ny mety hitomboan'i Freddy hery fa kosa hitondra rotsakorana betsaka amin'ny faritra sasany izany. Hiverina indray ny oram-baratra saika manerana ny Nosy noho io fifandraisan'ny sisan-drahona entin'i Freddy io. Manomboka ny alarobia, tombanana ho betsaka kokoa ny rotsakorana any amin'ny faritra avatara andrefana, andrefana ary atsimo andrefan'i Madagasikara. Hisy fidinana kely ny maripana ambony amin' ny faritra maro eto. Ho amin'ny anio, handrafitra ny toetry ny andro ny tsiodrivotra avy any Avaratra Andrefana. Hitoetra araka izany ny oram-baratra any amin'ny tapany avaratra sy ny ilany atsimo andrefan'ny Nosy. Ho maina kosa amin' ny ankapobeny any amin'ny faritra manamorona ny morontsiraka atsinanana, ny morontsirak'i Boeny, Melaky, Menabe ary any amin'ny faritra Anosy, Androy sy Ihorombe. Hanoram-baratra kosa ny any Diana, Sofia, Betsiboka, Boeny, Analamanga, Itasy, Vakinankaratra, Bongolava, Amoron'i Mania ary ny atitanin'i Melaky sy Atsimo Andrefana ary tandrifin-drahona vitsy any Alaotra Mangoro ny tolakandro. Tsiahivina fa niainga tany amin'ny faridranomasin'i Australie ity rivodoza Freddy ity ary nandravarava teto Madagasikara sy tao Mozambika nanditra ny andro maromaro ary izao mbola hitondra rotsakorana eto amintsika izao indray.

Nath

Amoron'i Mania

# Nahazo fanampiana ireo vahoaka

Nitondra takaitra tamin'ny fandalovan'ilay rivodoza Freddy ny faritra Amoron'i Mania. Tamin'ny sabotsy lasa teo dia nidina tao Ambositra nankahery sy nitondrana fanampiana ho an'ny vahoaka avy amin'ny Filohan'ny Repoblika ny minisitry ny harena ankibon'ny tany sy ny loharanon-karena statejika sy ny minisitry ny angovo sy ny akoranafo. Nizarana vary, menaka, voamaina, siramamy, savony, vatsy tsinjo, koveta, tafo fanitso, takamoa « Cobras », sns, ireo vahoaka. Tamin'io andro io ihany, dia nanohy ny diany tany Fandriana ireto minisitra roa ireto ary nijery ny sôsialim-bahoaka tao amin'ity distrika ity. Natao laharam-pahamehana ny fametrahana jiro manazava ny tanàna, indrindra fa tamin'ireo sekoly sy hopitaly ary ireo toerana be mpampiasa. Nahazo tohana koa ireo zokiolona sy fikambanam-behivavy ary zatovo skoto.

R. Muray

Minisitry ny Asa Vaventy

# Nandray ny iraka manokan'ny Banky Eôrôpeana ho an'ny famatsiam-bola

Delegasiôna vahiny voalohany nihaona tamin'ny minisitry ny Asa Vaventy, ny kôlônely Ndriamihaja Andrianatrehina Livah, taorian'ny nandraisany ny andraikiny ny iraka manokana avy amin'ny Vondrona Eôrôpeana Banky Eôrôpeana ho an'ny fampiasam-bola, Henning Reimann sy Pierre Sarrat. Anton-dian'izy ireo ny hanara-maso ny tetikasa tohanany ara-bola. Anisan' izany ny lalam-pirenena faha-6, mampitohy an' Ambanja-Antsiranana, mirefy 234 km izay misy ampahan-dalana roa. Toy izany koa ny lalam-pirenena faha-13, mampitohy an'i Taolagnaro sy Ambovombe, mirefy 114 km. Efa tafapetraka ny orinasa hanatanteraka ny asa. Amin'ny tapany faharoan'ity taona ity no ezahana hapetraka ny tara.

V.R.



Ny minisitry ny Asa Vaventy sy ireo iraka manokana nihaona taminy.




Ambanja

# Hamokatra sôkôla ireo mpamboly "Cacao"



Liana amin'ny fanodinana ny "Cacao" ireo mpamboly.

Manana ny lazany amin'ny famokarana "Cacao" ny distrikan'Ambanja, faritra DIANA. *"Zatra manondrana izahay mpamboly. Lasa misy sakana, satria manaraka ny sitrapon'ireo mpanangom-bokatra fotsiny. Ny any Ivelany mahalany sôkôla 10 Kg isan'olona, kanefa ny eto amintsika zara raha mihinana 10g isam-bolana. Ny fahafantaran'ny olona any aminay ny sôkôla dia amin'ny fotoanan'ny fanadim-panjakana ihany. Izahay tsy hifaninana amin'ireo mpamokatra eto an-toerana fa mba mila mahafantatra tsara ireo dingana lalovana mandra-pahatongan'ny "Cacao" ho lasa sôkôla fotsiny. Fara-faharatsiny mba afaka mamokatra sôkôla izahay na dia ho an'ny filànay ao an-tokantrano aza"*, hoy Bejoma Mickaël, mpamboly "Cacao" avy any Ambanja, izay manaraka fiofana momba ny fanamboarana sôkôla eto Antananarivo. Misy 10 mianadahy izy ireo no nalefan'ny Filankevitra Nasionaly momba ny "Cacao", na ny CNC, miofana ao amin'ny EDENIA Nanisana, ka hampita ny fahaiza-manaony amin'ireo namany any Ambanja aorian'ny fahavitan'ny fiofanana. Nanomboka tamin'ny alatsinainy ny fiofanana ary hifarana amin'ny zoma ho avy izao. *"Misy fahabangana eo amin'ity seha-pihariana ity. Nampirisihina isika hamokatra ary efa nahazo medaly volamena mihitsy ny mpamboly tamin'ny herintaona. Anjaratsika amin'izay ny manodina azy eto an-toerana fa tsy voatery hanafatra foana. Noho izany indrindra no nanangana ny sekoly mba hahafahana manodina ny vokatra eto an-toerana sy manofana olona matihanina ary mampahafantatra ny vokatra eo amin'ny sehatra iraisampirenena. Misokatra amin'ireo liana amin'ny fanamboarana sôkôla ny EDENIA. Efa namoaka mpianatra teo amin'ny 140 tao anatin'ny roa taona mahery nijoroany."*, hoy Achille Rajerison, tomponandraikitry ny EDENIA.

R. Muray

Betroka

# Tokantrano marefo 800 ao Analamary notolorana vary

Mitohy hatrany ny fitsinjovan'ny fitondram-panjakana an'ireo tokantrano marefo misedra olana manerana ny nosy. Tsy diso anjara tamin'izany ireo Malagasy any Analamary, ao amin'ny distrikan'i Betroka. *"Tokatrano marefo 800 ao amin'ny kaominina Analamary no notolorana vary izay avy amin'ny fitondram-panjakana. Noho ny haintany vokatry ny tsy fisian'ny rotsak'orana nandritra ny 4 taona ka tsy nahafahan'ireo mponina namboly sy namokatra no fototry ny tsy fahampian-tsakafo ao amin'ity kaominina ity. Mba hahafahana manarina izany raha misy ny rotsak'orana dia nisy ny famatsiana masomboly (taho bageda) na tahon'ny ravimbomanga ho an'ireo tantsaha"*, hoy Atoa Raharimbola Jocelyn, governoran'ny faritra Anosy, nidina ifotony tany an-toerana nandritra an'ity hetsika ity. Tsy diso anjara tamin'izao fahazoana ireto masomboly ireto ozao ihany koa ireo fikambanam-behivavy misehatra amin'ny fambolena ao Betroka izay efa notohanan'ny faritra Anosy tamin'ny fanajariana tanimboly ampiasana "tracteur". Raha izao dingana nataon'ny fitondram-panjakana izao dia handresy ny tsifanjariantsakafo ny mponina any amin'ny distrikan'i Betroka ary antenaina fa ho afaka hanana ambim-bava raha toa ka misy ny tsy firotsahan'ny orana.

Heriniaina A.

Taombaovao Malagasy 2023

# Hankalazaina amin'ny fomba miavaka eny Antongona

Araka ny fanisanandro manaraka ny volana malagasy dia ny volana marsa na aprily no tokony hanakalazana ny taombaovao malagasy. Maro no mankalaza izany ary anisan'izany i Akory Rikiahe, mpanentana ara-kolontsaina sady mandala ny fomba malagasy. Mikaraka hetsika entina mankalaza amin'ny fomba miavaka ny taom-baovao malagasy miaraka amin'ny Tana Camping Club sy ny Moov On izy ny 25 hifoha 26 marsa izao. Raha ny marina, ny 21 hifoha 22 marsa no tena taombaovao malagasy, saingy noho io andro io mitombina amin'ny andro fiasana dia nahemotra kely ny faran'ny herinandro ny hetsika mba hahafahan'ny rehetra mankalaza izany milamina. Eny Antogona amin'ny alalan'ny afon-dasy ary no hiantsoan' ny mpikarakara ny rehetra ny 25 sy 26 marsa izao. Hetsika maro no hanamarihana izany ary misy fiara iombonana hitondra izay mazoto hanatrika izany ka ny fisoratana anarana dia ao amin'ny Pejy FB ny Tana Camping Club. Amin'ny maha taombavao azy dia manaraka tsara ny fomba sy ny tokony hatao amin'ny fomba malagasy ny hetsika, toy ny afo tsy maty sy ny tsimandrimandry, fandroana an-doharano, harendrina sy fanilo, ny vary tondrahantantely, hanimpitoloha, hetsika ara-kolontsaina ary indrindra ny fizarana ny nofon-kena mitam-pihavanana. Voatsinjo avokoa ny vatana sy ny saina ary ny fanahy amin'ireo andro roa ireo. Efa misy tranolay ho an'izay te hatory eny antoerana fa ny lamba firakotra no mila mitondra. Azo antoka ny fiarovana ny rehetra ary tsy misy atahorana ny fandriam-pahalemana.

**Tiaray R**

Agrad

# Hiaka-tsehatra ao amin'ny CFM Anosy

Hiaka-tsehatra etsy amin'ny CFM Anosy i Agrad amin'ny sabotsy izao. Hanomboka amin'ny roa ora tolakandro ny fotoana amin'io. Hiaraka hivazo aminy ao i Tricia amin'io fotoana io. Ity farany moa dia mpanakanto iray anisan'ny efa niara-nihira taminy tao anatin'ilay hira malaza be iray mitondra ny lohateny hoe "ahiahy". Haharitra ora roa eo ny fampisehoana hataony ary dia hizara roa mazava tsara ihany koa ny seho. Ao amin'ny tapany voalohany dia ireo hirany taloha izay mbola ankafizin'ny maro hatramin'izao no hohirainy. Ao amin'ny tapany faharoa kosa dia ireo vazo vaovao be izay tsy afaka ambavan'ny rehetra mihitsy indray. Hafana araka izany ity seho ity ary dia efa mampanantena amin'ny rehetra izy fa hiavaka hatrany ny zavatra ho hita. Ny fampisehoana rahateo efa natao amin'ny andro antoandro fa tsy hariva be, ny vidim-pidirana natao mirary, ary ny toerana natao akaiky ho an'ny rehetra. Efa vonona tanteraka izy amin'izao fa dia isika sisa no andrasana.

**Tanya.R**

Kitra - AJESAIA / ATAFANA

# Mampiofana mpilalao hiatrika fifaninanana iraisam-pirenena

Hifarana anio maraina, eny amin'ny kianja Spentana Academy Amboroy Alasora, ny fampiofanana amin'ny baolina kitra, iarahan'ny mpilalaon'ny "*Association des JEunes Sportifs de l'Association Inter-Arrondissement* (AJESAIA)" sy ny *Andrin'ny TAnora FANantenana Atsinanana avy any Toamasina* (ATAFANA), izay nanomboka tamin'ny alatsinainy 27 febroary 2023. Araka ny fanazavana nataon'ny Filoha Nasionalin'ny AJESAIA, Atoa Jasmina Ravelonarivo, dia hitiliana sy hitsapana an'ireo mpilalao hiaro ny voninahitry ny firenentsika amin'ny fifaninanana iraisampirenena, hatao atsy amin'ny nosy Seychelles amin'ny sabotsy 25 ka hatramin'ny zoma 31 martsa 2023, no hanaovana an'izao fiofanana izao, izay natokana ho an'ny mpilalao latsaky ny 11



**Ilaina ny fiaraha-miasan'ny sekolin'ny baolina kitra toy izao ! (Sary : a.r)**

sy 15 taona. Mpilalao 12 no nentin'ny mpanazatra Bela Angelo sy Bira « Rasta » niakatra aty Antananarivo, miampy 23 avy amin'ny AJESAIA. Miaraka amin'izy ireo, mampiofana ny mpilalao, ny mpanazatra ny AJESAIA, ahitana an'i "Maîtres" Germain / Lôlô / Welbeck / Anime / Penko. Aorian'izao fampiofanana izao dia hoentina any Toamasina ny mpilalao 12 mirahalahy voafantina, ahitana 6 avy amin'ny "U11" sy "U15". Hiaraka hiofana amin'ny mpilalaon'ny Talent a Akademia any an-toerana izy ireo, ka mandritra ny herinandro no hanaovana an' izany. Ankoatra an'izany dia fantatra fa manomana ny fiatrehana ny "*Gotha Cup China 2023*", hotanterahina mandritra ny fialan-tsasatry ny pentekosta, koa ny AJESAIA. Fanintelony amin' izao no nahazoany fanasana hifaninana amin'izany (2018 – 2019). Tamin'ny taona 2018 dia tafiditra laharana faha-9 ny ekipany latsaky ny 15 taona, tao anatin'ireo 37 nandray anjara tamin'ny fifaninanana. Ankoatra an'izany dia fantatra fa raikitra koa ny fiadiana ny tompondaka nasionaliny, izay hatao any Mahanoro amin'ny 11 ka hatramin'ny 16 aprily 2023. Ny fifaninanana dia natokana ho an'ny sokajy "U11" sy "U14", ary ny vehivavy sy "Senior Open" lehilahy. Tafiditra ao anatin'ny fankalazan'ny AJESAIA ny faha-30 taonany avokoa izany hetsika ataony rehetra izany. AJESAIA, izay efa manomana dieny izao ny Ekipa Voafantiny "U13", hoentina miatrika fifaninanam-pirenena raha tahiany ka hotanterahina izany amin'ity taom-pilalaovana ity.

**aris rafaly**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Raha tanterakao fotsiny ny fanirian'ny hafa, izay ihany dia efa ampy hahafahanao miandrandra ny hetahetanao sy izay rehetra tianao ho tanteraka aminao."

**Ny Vetso (25. 02. 15)**

("You can have everything in life you want; if you will just help enough other people get what they want." Zig Ziglar)

Gabhy (Kintana Telo)

# Natokana hahatsiarovana azy ity volana martsa ity



**Izy no nandao fa ny kantony mbola mitoetra holovain'ny taranaka.**

Teraka tamin'ny 1933, izany hoe feno 90 taona amin'ity taona ity i Gabhy na Rabehasina Gabriel, iray tamin'ireo Kintana Telo. Hanamarika izany amin'ny fomba manetriketrika ny tarika Gabhy sy ireo tanora mpankafy "ireny hirantsika ireny", izay tohanan'ny Ministeran'ny Kolontsaina. Natokan'ny Ministera hahatsiarovana sy hampahafantarana an'i Gabhy rahateo ny volana martsa iray manontolo. Hatomboka amin'ny fomba ofisialy etsy amin'ny Tranombokim-pirenena Anosy ny hetsika, hitohy amin'ny fampisehoana goavana etsy amin' ny CCESCA Antanimena ny sabotsy 4 martsa manomboka amin'ny 3 ora tolakandro. Ireo mpanakanto voalaza etsy ambony no hanafana ny fotoana amin'izany. « *Noho ny fahatsapana fa andrarezina ity mpanakanto ity ary tokony hampahafantarina ny taranaka aty aoriana ny kanto navelany* », hoy ny tomponandraikitra. Marihina fa tamin'ny 27 aogositra 2010 no nodimandry teo amin'ny faha-77 taonany i Gabhy (77 taona izy tamin'izay). I Romule, iray tamin'ireo kintana ihany koa efa nodimandry tamin'ny 14 aprily 2008. Salomon sisa no kintana mbola velona miriaria eny, izay efa 81 taona ankehitriny.

**Fy**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 964 - 03 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Vary amin'ny olatra sy fromazy (risotto)

**Zavatra ilaina** : vary fotsy lavalava fanao vary maina, toy ny makalioka na mitovitovy amin'ny « madrigal » taloha. Olatra 1 kapoaka na 300g, fromazy nokikisana 100g, divay fotsy 2 vera, ranona jumbo, tongolo gasy 6, tongolo maitso, crème fraîche 3 sotro lehibe, persily notetehina madinika, sira sy dipoavatra

Karakarao ny olatra : diovy tsara dia teteho avy eo. Hafanao ny dibera anaty lapoaly dia endao ao ny tongolo gasy. Tandremo sao may. Arotsahy ao avy eo ny olatra dia andrahoy amin'ny afo malefaka, asio mersily kely. Asio divay 5 sotro lehibe avy eo dia andrahoy. Arotsahy ao koa ny crème fraîche, sira sy dipoavatra. Arotsahy avy eo ny vary efa madio sy nohamainina ka haroharoana hatrany mandrapiaovany loko. Araraho ao ny fanampin-divay dia tohizo ny fahamasahana. Rehefa masaka ny vary dia arotsahy ao ny fromazy sy olatra. Arosoy mafana tsara rehefa masaka ny sakafo.

## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Fanaka, debara, frigo, boky, TV, kiraro, vy, kilalao. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 486/10-6)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 487/6-6)

### VIDANGE

* Vidange wc & puisard ; construct°, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 492/10-1)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 491/6-1)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 491/6-1)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 491/6-1)

* Service vidange fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, réparation. Tél : 034.47.024.33 / 034.16.145.06. (G-BA 476/20-11)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 479/20-10)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 033.03.487.21. (G-BA 481/10-10)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.42.941.37. (G-BA 484/10-7)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 034.86.213.53. (G-BA 485/15-6)

* Vidange fosse, wc 101, wc gasy Makiplast, puisard, débouchage. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 490/15-2)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-10)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-10)

Toamasina

# Miaramila sy zandary niara-maty nanao taingin-droa tamin'ny môto

Niharan'ny lozam-pifamoivoizana ny miaramila iray sy zandary iray namany, niaraka nanao taingin-droa tamin'ny môto tamin'iny lalam-pirenena faharoa (RN2BIS) iny, omaly. Maty tsy tra-drano izy roa lahy ireo rehefa nianjera sy nifatratra tamin'ny kamiao nifanena taminy. Araka ny fantatra dia niala sarety teo alohany ireto mpitandro ny filaminana ireto ka tsy nahafehy lalana vokatr' izany. Zandary miasa ao amin'ny "CSAO" Toamasina ilay niharan-doza fa ilay miaramila kosa no mbola tsy nahazoanay fanampim-panazavana ny momba azy hatreto. Teo amin'ny 4 km tsy hidirana an'i Toamasina no niseho ny loza.

**Efa nentina**

Nidina any an-toerana nanao ny fikarakarana rehetra sady nanao fizahana ny tranga ny tomponandraikitra lehiben'ireto miaramila sy zandary ireto. Ny nofo mangatsiakan'ilay zandary no efa nentina ao amin'ny lakazerina. Ity zandary ity dia antsoina hoe Rakotondrasoa Jean Finidi, ary avy amin'ny andiany faha 76 izy. Efa nampandrenesina ny fianakaviany. "Tsy maintsy hosokafana ny fanadihadiana mba hamantarana ny zava-nisy marina. Ho hita ihany koa ny iraka sy ny antony nampiaraka dia an'izy mirahalahy ireto ka andrasana izay mety ho angom-baovao mikasika izany" : hoy ny loharanombaovao avy amin'ny zandarimaria vondrotobim-paritra any an-toerana.

**Ariel D.**

Miarinarivo

# Tokantrano roa nasesin'ny jiolahy mitam-piadiana notafihina

Nitrangan'ny fanafihana mitam-piadiana tao amin'ny fokontany Mahatsinjo Moraranokely, kaominina Miarinarivo II, ny alatsinainy lasa teo. Nandritra izany dia jiolahy miisa 4 nirongo basy no nanatanteraka ity asa ratsy ity, ka tokantrano roa nifanila no lasibatra. Niditra an-keriny ireto jiolahy sady nandrahona ny tompontrano tamin'ny basy no nandroba ihany koa. Vokatr' izany dia tovolahy iray sahabo ho 21 taona no naratra mafy sy renimpianakaviana iray 60 taona tao amin'ilay tokantrano. Lasan'ireo olon-dratsy ihany koa ny vola 5 hetsy ariary sy finday ary fitaovana hafa. Nidina teny an-toerana haingana ny zandary rehefa naharay ny antso ka nanao ny fanenjehana. Noho ny fiaraha-mientan'ny fokonolona sy ny mpitandro ny filaminana dia nahitambokany ny fanarahan-dia, ka iray tamin'ireo jiolahy nanao fanafihana ireo no tra-tehaka tao Ambodivona, kaominina Miarinarivo II. Tsy namelan'ny olona ity olon-dratsy ity fa niharan'ny fitsaram-bahoaka. Naratra mafy izy saingy efa nentina notsaboina any amin'ny hopitaly. Taorian'ny famotorana nataon azy dia nanonona ny anaran'ireo namany izay mbola tafastoaka ilay jiolahy voasambotra io. Mbola mandeha ny fikarohana sy ny fanadihadiana ka andrasana ny tohiny.

**Fatin-dehilahy**

Trangam-piarahamonina tao Miarinarivo izay hatrany dia fatin-dehilahy iray no hita tao amin'ny tanàna kely antsoina hoe Antanambao, Ambodirotra, fokontany Ambohimandroso, distrikan' i Miarinarivo, ny alatsinainy teo. Lehilahy iray 56 taona mponina eny Ambalatokana, Alatsinainikely, ity namoy ny ainy ity. Vokatry ny fianjerana no antony ka tsy tana ny ainy.

**Ariel D.**

Toamasina

# Tra-tehaka ireo 3 lahy nanafika tokantrano

Tovolahy telo, 18 taona sy 20 taona ary 21 taona, voarohirohy tamin'ny fanafihana tokantrano tany Toamasina no voasambotry ny polisy ny alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora sy fahatelony alina. Mbola tratehaka teny amin-dry zalahy ny entana norobainy ary nahatratrarana zava-maranitra ihany koa ny roa tamin' izy telo lahy ireo. Nisehoan' ny fanafihana mitam-piadiana tany an-toerana tamin'io fotoana io. Tokantrano iray no lasibatra tamin' izany. Niditra an-keriny tao ireo jiolahy ary rehefa nahazo izay nilainy dia nitsoaka. Niantso ny polisy ireo tompon-trano ka rehefa nandre izany ireo mpitandro filaminana dia nidina ifotony nanao fitsirihana sy nikaroka ny olon-dratsy. Fotoana vitsy taorian'izay no nahatratrarana ireto telo lahy ireto ka mbola tratra tany amin'izy ireo ny entana nangalariny ary ny roa tamin-dry zalahy mbola io nahasaronana zava-maranitra io teny aminy. Mitohy ny famotorana sy fikarohana ny naman'izy ireo. **T.H**

Remapsen Mada

# Ivondronan'ny mpanao gazety vonona hanome lanja ny fahasalamana sy ny tontolo iainana

Efa mijoro ara-panjakana eto amintsika ny tambajotran'ny serasera afrikanina ho amin'ny fanomezandanja ny fahasalamana sy tontolo iainana, na REMAPSEN. Antom-pisian' izy ireo ny hanome lanja ny resaka fahasalamana sy ny tontolo iainana. Ao anatin'ny telo volana dia hisy ny velakevitra hotanterahin'ireo mpanao gazety mivondrona ao amin'ity Remapsen Mada ity manodidina ireo lohahevitra roa lehibe ireo. Hotanterahina ny 31 martsa 2023 ny andiany voalohany amin'izany velakevitra, izay anasana manam-pahaizana manokana mikasika ny fahasalamana sy ny tontolo iainana. Raha tsiahivina dia ny volana jona 2020 no niforona tao Cote d'Ivoire ny Remapsen ary ny volana novambra 2021 ny teto Madagasikara. Manodidina ny 20 ny isan'ny mpikambana izay miasa amin'ny haino vaky jery ary gazety an-tsoratra, web ary influenceur daholo. Amin'ity taona ity ihany koa dia velakevitra iraisam-pirenena lehibe roa no handraisan'i Madagasikara anjara, miresaka ny ady amin'ny fako plasika atao any Cameroun sy ny fahasalaman'ny zaza atao any Guinée. Mpanao gazety mahatsapa ny maha sarobidy ny tontolo iainana sy ny fahasalamana izy ireo ary maneho ny fahavononany handresy lahatra ireo tomponandraiki-panjakana ambony hanatsara ny zava-misy eto amintsika. Tafiditra ao anatin'izany ny kalitaon'ny tolotra ara-pahasalamana, maha sarobidy ny tontolo iainana ary indrindra ny fampitomboana ny vola natokana eo amin' ireo sehatra roa ireo. **Nath**

Ambolokandrina

# Mpamaky trano 2 lahy saika niharan'ny fitsaram-bahoaka



**Entana maro no tratra teny amin-dry zalahy ireto.**

Tovolahy roa namaky trano no saika niharan'ny fitsarambahoaka omaly vao maraina tokony ho tamin'ny 5 ora sy sasany teny Ambolokandrina Ravitoto. Mbola tra-tehaky ny olona teny amin-dry zalahy ireo rahateo ny entana nangalariny izay nataony tao anaty gony toy ny kojakoja fampiasa ao an-dakozia ka vilany no maro an'isa tamin'izany. Tsy afanitsoaka intsony izy roa lahy tamin'io fotona io fa voasambotry ny fokonolona. Tezitra ireto farany satria araka ny fantatra dia tokantrano maro no efa lasibatr'io asa ratsy io teny an-toerana ka saika nanamparan'ny olona ny hatezerany ireto tratra ireto. Efa saika niharan'ny vono sy daroka mihitsy ry zalahy no tonga teny an-toerana ny polisy avy ao amin'ny kaomisarian'ny boriborintany faharoa eny Ambohijatovo. Soa fa tonga ara-potoana ireo mpitandro filaminana satria vantany vao nahazo ny antso izy ireo dia nidina ifotony teny an-toerana. Voasoroka araka izany ilay fitsaram-bahoaka nokasain'ny fokonolona natao saika naharatrana ary mety nitarika fahafatesana ho azy roa lahy. Nosamborina izy ireto ary nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy taorian'izay. Natao avy hatrany ny famotorana. Fantatra fa olona mipetraka eny By Pass sy Anosibe izy roa lahy izao tratra nanao asa ratsy teny Ambolokandrina izao.

**T.H**

Morondava

# Ramatoa nodarohin'ny vadiny, nianjera avy eny amin'ny rihana voalohany

Raikitra ny adin'ny mpivady tany Namahora nord, any amin'ny distrikan'i Morondava, ka nitarika faharatrana tamin'ilay vehivavy izany afakomaly tokony ho tamin'ny 12 ora sy fahefany alina. Tsy vitan'ny fifamaliana mantsy ny adin'izy ireo fa niafara tamin'ny fikasihan-tanana ary saika nanaraka hatramin'ny ain'ilay vehivavy mihitsy izany raha nisy kely foana. Tsy fantatra mazava izay nahatonga ny adin'izy ireo fa nandritra izany dia nodarodarohin'ilay rangahy ao an-tranon'izy ireo tao ilay vadiny. Ny niafarany moa dia nianjera avy eny amin'ny rihana voalohany mihitsy ravehivavy ka nitontona tamin'ny tany. Tsy nahatsiaro tena vokatr'izany izy tamin'io. Nikoropahana ny nitondrana azy namonjy toeram-pitsaboana haingana ka nentina tany amin'ny hopitaly manara-penitra tany Namahora Morondava. Fa teo anatrehan'ilay tranga niseho kosa dia efa nantsoin'ny sefo fokontany ny mpitandro filaminana tany an-toerana ka raha vantany vao naheno izany ny polisy dia nankany amin'ilay toerana ka mbola tratra tao antranony ilay lehilahy 30 taona namono vady ka nosamborina ary nentina tany amin'ny biraon'ny polisy. Fantatra fa efa nahazo fitsaboana sahaza azy ilay vehivavy taorian' izay. Mitohy ny famotorana mialoha ny hitondrana ny raharaha any anivon'ny fampanoavana.

**T.H**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Tadidy ve ?**




## Hatsikana an-tsary

**Môderina**




## Masoandro Miposaka

### II Mpanjaka 20:3

Jehovah ô, enga anie ka hotsarovanao ny nandehanako teo anatrehanao tamin'ny fahamarinana sy tamin'ny foko rehetra ary ny nanaovako izay tsara eo imasonao. Dia nitomany mafy dia mafy izy.


## Indray mipika

NY RANO TSY ANDROANA TSY MAHAFA-TSEROKA ; NY LAMBA TSY ATAFY TSY MAHOFANA : NY VARY TSY HANINA TSY MAHAVOKY : NY RAHARAHA TSY ATAO TSY METY LAVORARY.



Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Tàna mpamono mpanambi-tamby, vava mpitezitra mpamalifaly.**

La main habituée à frapper fait aussi des caresses ; la bouche qui peut être en colère sait aussi rendre joyeux.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2892

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 9 | | 2 | | | 7 | | 6 |
| | 4 | | 1 | 6 | | | | |
| 5 | | | | | | 9 | | |
| | | 4 | | | | 8 | | |
| | | | 5 | | | | 7 | |
| | | | 4 | | | | 9 | 2 |
| | | 8 | | 7 | | 6 | 2 | |
| 7 | | | | 4 | | | | |
| 9 | | | 3 | 2 | 5 | | | |

Valin'ny laharana 2891

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 7 | 4 | 5 | 6 | 2 | 3 | 1 | 8 |
| 8 | 5 | 2 | 3 | 4 | 1 | 9 | 6 | 7 |
| 3 | 6 | 1 | 8 | 9 | 7 | 5 | 4 | 2 |
| 6 | 1 | 8 | 4 | 7 | 3 | 2 | 5 | 9 |
| 5 | 2 | 7 | 1 | 8 | 9 | 6 | 3 | 4 |
| 4 | 9 | 3 | 6 | 2 | 5 | 8 | 7 | 1 |
| 1 | 4 | 5 | 9 | 3 | 8 | 7 | 2 | 6 |
| 7 | 3 | 9 | 2 | 1 | 6 | 4 | 8 | 5 |
| 2 | 8 | 6 | 7 | 5 | 4 | 1 | 9 | 3 |

TIM -CCFVP - Transparency International

# Manao tsindry ny fanjakana hametra ny vola holaniana amin'ny propagandy

Nafana ny adihevitra mikasika ny fangaraharana sy ny famerana ny vola ampiasaina amin'ny fampielezankevitra nokarakarain'ny ONG Ivorary tetsy amin'ny Ivontoerana Arrupe Faravohitra, omaly. Nandray anjara tamin'izany ny olon'ny mpitondra (mpitondra tenin'ny governemanta sady minisitry ny serasera Lalatiana Andriantongarivo), ny avy amin'ny mpanohitra (mpikamban'ny birao politikan' ny TIM, Julien Andriamarosata), ny avy amin'ny firaisamonim-pirenena (Tale mpanatanteraka eo anivon' ny Transparency International-Initiative Madagascar, Ketakandriana Rafitoson), ary ny Filohan'ny Vaomiera mpanara-maso ny famatsiam-bola ny tontolo politika (CCFVP) Rado Milijaona. Itovizan'ireo sokajinkery samihafa nitondra ny heviny tamin'izany ny tsy tokony hanekena ny endrika kolikoly ara-pifidianana intsony sy ny fijerena vahaolana maika hisorohana izany. Ho an'ny TIM sy ny firaisamonim-pirenena ary ny CCFVP, tsy nihambahamba izy ireo raha nitaky ny famerana ny fampiasambola holaniana amin'ny prôpagandy mialoha ny latsa-bato kasaina hotanterahina eto amin'ny firenena amin'ny 9 novambra izao. Nanao tsindry ny fanjakana mihitsy izy ireo mba hijery ny fomba rehetra hahatanteraka izany hisian'ny fifidianana madio sy mangarahara ary tsy mitanila.

**Fifidianana gaboraraka**

"*Laharam-pahamehana ny famerana ny vola ampiasain'ny mandritra ny fifidianana. Antony, raha tsy misy izany dia fifidianana gaboraraka sy fifidianan' ny besandry, fifidianan'ny mpanambola no hisy eto fa tsy fifidianana demokratika*", hoy Ing. Julien Andriamarosata tamin'izany. Fanontaniana kosa no nasetrin'ny Minisitra Lalatiana Andriatongarivo izany hoe: *iza no afaka hamaritra ny vola tokony holaniana mandritra ny fampielezan-kevitra kanefa samy manana ny paikadiny ny kandida tsirairay avy?*". Etsy andanin' izany, marihina fa zary lasa fomba mahazatra ny mpanao pôlitika eto ny manome « tee-shirt » sy sakafo ary mizara vola, mandritra ny fampielezan-kevitra mba hambaboana ny fon'ny vahoaka. Sodokan'izany ny vahoaka ka tsy miraharaha izay programam-pampandrosoana hamoahana ny firenena anaty lavaky ny fahantrana fa avy hatrany dia mifidy izay mahatolotra azy.

**Mamy R.**

Minisitra teo aloha namoahana IST

# Resaka fanodinkodinam-bolam-panjakana ve sa atahorana !

Niteraka resabe ny vaovao navoakan'ny gazety mpiseho isan'andro, omaly nanamarika fa misy minisitra teo aloha, namoahana didy tsy afaka mivoaka any ivelany. Ny mpikambana ao amin'ny governemanta teo aloha nesorina tamin'ny andraikiny izay tsiahivina fa miisa 8. Manoloana izany dia mipetraka ny fanontaniana hoe firy tamin'izy ireo no namoahana IST (Interdiction de Sortie du Territoire). Ary ny antony, mety ho fanodinkodinana volampanjakana ve sa atahorana hiketriketrika fanelingelenana na fanakorontanana ny mpitondra any ivelany any ka sakanana tsy hiala eto eto Madagasikara? Tsiahivina fa araka ny loharanom-baovao marim-pototra dia efa ela no tokony nivoaka ny IST niantefa tamin'ny mpikambana iray ao amin' ny governemante teo aloha, noho ny famoahana volampanjakana tsy ara-dalàna. Io ihany ve no nohamafisina sa nisy tranga vaovao ?

**V.R.**

Andry Rajoelina tany Nosy Varika

# Nitondra fanarenana ireo fotodrafitrasa simban'ny rivodoza

Nitohy omaly tany amin'ny distrikan'i Nosy Varika ny fidinana ifotony nataon'ny Filoha Andry Rajoelina. Tamin'izany no nijereny ireo traboina sy ny nitondrany fanarenana ireo fotodrafitrasa simban'ny rivodoza Freddy farany teo. Nisy ny fanolorany fanampiana ho an'ireo niaharam-boina (vary iray gony, menaka siramamy, savony…), fizarana masomboly ho an'ny tantsaha. Tahaka ny nataony tamin'ireo toerana efa notsidihiny, dia nizara moto ho an'ireo ben'ny tanàna rehetra ao anatin'ny distrikan'i Nosy Varika ihany koa ny tenany. Amin'ny 5 marsa ho avy izao, dia hisy fizarana vatsin'ankohonana miaraka amin'ireo mpiaramiobona antoka amin'ny fanjakana (PAM, Unicef, Fid...). Nilaza ny Filoha Andry Rajoelina tamin'ny fandraisam-pinenana nataony fa tsy maintsy harenina ao anatin'ny fotoana fohy ireo fotodrafitrasa rehetra simban'ny rivodoza. « *Hadino foana i Nosy Varika hatramin'izay ary tsy mbola nisy Filoham-pirenena nitsidika teto. Manomboka eto, tsy maintsy mandroso i Nosy Varika. Manaporofo izany ny asa nataon' ny Fitondram-panjakana aty*", hoy izy. Nomarihiny ihany koa fa hanamafy ny asa sosialy ataony any amin'ny faritra ny fitondrana zay tarihiny. Tafiditra ao anatin'izany ny resaka fahasalamana amin'ny alalan'ny fampisitrahana ny mponina ny « Caravane médicale ». Hisy fizahana sy fitsaboana maro azo atao ao anatin' izany, ary maimaimpoana avokoa. Namaranan'ny Filoha ny fitsidihana tany Nosy Varika ny fizarana sakafo mafana ho an'ireo traboina.

**JUDD**



Ny Filoha Andry Rajoelina nanolotra fanampiana ho an'ireo traboina tao Nosy Varika.


**HASIN'I GASIKARA**

**Fampianarana KABARY**

Isaky ny Alahady amin'ny 2 ora. Fanombohana : 05 Martsa 2023.

Toerana : - ABC School 67 Ha
- Ecole Primaire Rasalama

Tél. : 034 44 708 63 / 034 01 214 27 / 033 07 154 23

G.CL 433/12-9


## Marina izany !

### Mikisaka tsikelikely !

**Mahazo vahana ny ady mangatsiaka sy ny fanilikilihana eo amin'ny samy mpanohana ny fanjakana. Misy izany any an-dapa sy any amin'ny Andrimpanjakana ary minisitera samihafa any. Nitombo ny olana taorian'ireny fitsipaham-pitokisana tsy tody hatramin'ny farany ireny. Niampy indray ny fanovàna mpikambana ao amin'ny governemanta farany teo. Ambetindresak'ireo mihevitra ho angady nananana tamin'ny nametrahana ny mpitondra ankehitriny ny filazana fa voailika izy ireo ary nosoloina ny akanga tsara soratra ny akoho taman-trano. Dia ireny nivoaka an-dalambe ireny ny fitakiana fanalana mpikambana ao amin'ny governemanta. Ireny natao basy atifi-kavana ireny ny fepetra takiana alohan'ny mbola hifanohanana, na ny tsotsori-mamba isarahana. Rehefa itsy farany anefa no mitranga dia manitikitika ny fanontaniana hoe : Mbola manana olona to teny any amin'ny faritany sy any amin'ny faritra ve ny kandidam-panjakana ? Hahavita ny vitan'ireo nailika noho ny antony samihafa ve ireo natakalo azy ireo ? Tsy azo odian-tsy hita fa maro ny any amin'ny faritra no marisarisa, raha tsy hiresaka afa-tsy ny fahadisoam-panantenana amin'ny resaka vanilina, any Avaratra. Toy izany koa ny fampanantenana maro tsy tanteraka any Atsimo ka niteraka izao fahasahiranana lalina iainan'ny vahoaka izao. Manginy fotsiny ny firongatry ny tsy fandriam-pahalemana, miteraka fitaintainana sy mampiraviravy tanana ny tsirairay, hanatanteraka ny asany. Ireo olana notanisaina eo ambony ireo izay varavarana misokatra ho an'ny mpanohitra, raha tena hanao pôlitika madio izy ireo fa tsy hitady tombontsoa manokana!**

Voahangy Rakotozafy

Association Sandratr'i Gasikara

# Miantso ny Filoha Rajoelina hirotsaka hofidiana



Ireo mpitarika ny fikambanana.

Mankalaza ny fahatelo taona nijoroany ny "Association Sandratr'i Gasikara » (ASG) ao amin'ny faritra Bongolava. Ao anatin'izany no nanehoan'izy ireo fankasitrahana ny Filoham-pirenena tamin'ny nanendreny ny Générale de division, Ramiharamanana Joseph ho governoran'ny faritra Bongolava. "*Manao ny ainy tsy ho zavatra amin'ny fanatanterahana ny veliranon'ny Filoha ao anatin ny faritra io olomboatendry io*", hoy ny Filoham-boninahitry ny "Association Sandratr'i Gasikara", Rajaonarison Mamy Clarry. Araka izany, miantso ny Filoha Rajoelina hirotsaka hofidiana amin'ny fifidianana filoham-pirenena indray izy ireo hahafahana manohy ny ezaka efa natomboka. Ny sabotsy 04 martsa izao ny fifampiarahabanan'ny samy mpikambana ao amin'ny ASG. Hetsika fambolen-kazo, fanaparitahana zana-tondro, arahina lalao ara-panatajahantena sns no hatao amin'izany.

**Niry R.**


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana :
Fanampiny :
Adiresy :
Nomerao C.I.N :
Tél. :

Federasiona Malagasy ny Judo

# Hahazo fampitaovana ara-panatanjahantena mitentina 258 tapitrisa Ar

*Apetraka ao amin'ilay Dojo National anatin'ny Stade Barea izy ireto.*



**Nandritra ny lanonam-pifanaovan-tsonia tetsy Antaninarenina. (Sary : Princy).**

Fampitaovana ara-panatanjahantena mitentina 258 tapitrisa ar no azon'ny federasiona malagasin'ny judo. Vokatry ny fiaraha-miasa tamin'ny firenena Japoney no nahatonga izao, ka ity farany no manome ny vola, ny federasiona kosa no mividy ireo fitaovana ara-panatanjahantena, ahitana tatamis miisa 20, fitaovana fametahana sy fanamboarana tatamis, toerana fitahirizana ireo kojakokoja, fitaovana fanabokonan-kozatra toy ny (kaltères, sac de sable, kettlebells) ary ny (machine de musculation, machines à vélo haute performance …) miampy ireo kojakoja maro isan-karazany. Nazava ny tenin'ny filohan'ny federasiona, Said Bruno Eric, omaly tetsy Antaninarenina, nandritra ny lanonana fifanaovan-tsonia teo amin'ny FMJ sy ny ambasadin'i Japon, fa apetraka ao amin'ny Dojo National, ao amin'ny stade Barea avokoa ireto fitaovana ireto, ka ny ekipam-pirenena irery ihany no hisitraka izany. "Ny taotrano tokoa tsy efan'ny irery », hoy izy ka misaotra ny firenena japoney amin'ny nahazoana izao fanampiana lehibe izao, izay ezaky ny mpitantana ny federasiona tany aloha. Hiezaka hanohy ny asa izahay, hoy izy, hampiakatra hatrany ny lentan'ny teknikan'ny judokas malagasy. Mahakasika ny "dojo national", nanamafy ny filohan'ny UAJ, Andrianasoloniaiko Siteny, fa vao mahazo ny taratasy fanomezan-dalana avy amin'ny fanjakana ny FMJ, dia hanampy azy ireo ny UAJ sy ny FIJ. Tonga nanatrika ity lanonana ity sady nanatanteraka ny fifanaovan-tsonia ny ambasadaoron'i Japon, ABE Koji, izay nanambara fa manampy ireo taranja haiady japoney misy eto Madagasikara hatrany izy ireo. Eo ihany koa ny fandefasana ireny mpilatsaka antsitrapo ireny, hanampy ireo teknisiana sy izay mila izany. Noho ny vokatra tsara azon'ny judoka malagasy tamin'ny lalao iraisampirenena natrehiny, ary koa hampiakatra hatrany izany fahaiza-manao izany no nahatonga izao fanomezana fampitaovana izao, hoy hatrany ity ambasadaoro ity, izay mbola vonona hanohana an'i Madagasikara hatrany amin'ny lafiny rehetra. Nisaotra ny FMJ tamin'ny ezaka rehetra nataony ka nahazoany izao, ny tale jenaralin'ny spaoro, Rakotozafy Rosa. Tsy nanadino nankasitraka ny firenena Japoney koa izy, izay nanampy hatrany ny mpanao fanatanjahantena malagasy.

**Rabenaivo**

Judo - Tompondakan'i Afrika 2023

# Hatao eto Madagasikara amin'ny jolay

Vaovao lehibe eo anivon'ny fanatanjahantena malagasy ny naheno omaly, fa hotanterahina eto Madagasikara amin'ny jolay ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika, ho an'ny sokajy cadet sy juniors, taranja Judo. Ny filohan'ny UAJ, Andrianasoloniaiko Siteny no nanambara izany tamin'ny fomba ofisialy. Nanamafy izy fa tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny faha-60 taona niforonan'ny Judo teto Afrika koa izany, tany Kenya tamin'ny 1963. Zava-dehibe ho antsika Malagasy izany, ary tsorina fa noho ny fananana an'Ingahy Siteny, teratany malagasy mitantana ity rafitra lehibe aty Afrika ity no nahazoana izao fampiantranoana izao. Nambarany fa nanapa-kevitra ny teo anivon'ny UAJ ka nisafidy an'i Madagasikara, hanaovana ity fiadiana ny tompondakan'i Afrika ity, izay hoe « test évent » ihany koa. Ho antsika manokana dia efa vonona ary manana ankizy halahatra amin'izany ny eo anivon'ny Federasiona, hoy ny Tale teknika Nasionaly, Mamy Randriamasinoro. Efa nanomboka tany amin'ny fiadiana ny amboaran'i Madagasikara izahay no efa nanana anarana, nandalo ireny karazam-pifaninanana maro ireny ary mbola hisy ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara, hotanterahina amin'ny 14-15-16 avrily izao, hahafahana mamarana sy mametraka ireo isa azon'ny Judokas tsirairay avy, hahafantarana ireo hiatrika ny Lalaon'ny Nosy. Mahakasika izay, nambaran'ny filohan'ny KOM, Andrianasoloniaiko Siteny, fa efa nanao ezaka ny minisitra teo aloha, nandefa ny ankizy niofana any ivelany. Nisaoran'ny CIJ ihany koa ireo teknisiana teo anivon'ny COJI nahavita ny fivoriana ara-teknika, izay sambany tamin'ny tantaran'ny JIOI no nisy izany. Miantso ny fitondram-panjakana kosa ny tenany handray ny andraikitra tandrify azy, indrindra fa ny fampivondronana sy ny fotodrafitrasa, izay saika tsy mifanentana sy ireo andrasana ampiasaina amin'ity Lalaon'ny Nosy ity ny maro napetraka.

*Tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny faha-60 taona niforonan'ny Judo teto Afrika koa izany.*

**Rabenaivo**

MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

## *AKON'NY DIAN'NY MINISITRY NY FANABEAZAM-PIRENENA AO AMIN'NY DISTRIKAN'I NOSY-VARIKA*



**Voin-kava-mahatratra:**

Nitohy tao amin'ny distrikan'i Nosy-Varika ny dian'ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena

Ny tolakandron'ny alatsinainy 27 febroary 2023 no nigadona tao amin'ny fari-piadidiam-pampianarana Nosy-Varika, toerana izay nitondra takaitra nandritra ny fandalovan'ny rivodoza "Freddy", ny Ministry ny Fanabeazam-pirenena Marie Michelle SAHONDRARIMALALA sy ny delegasiona notarihiny ahitana ireo tale isan-tsokajiny anivon'ny Minisitera foibe, ny talem-paritry ny fanabeazam-pirenena Vatovavy.

□Tanjona amin'izao fidinana ifotony izao ny dinika iarahana amin'ireo manam-pahefana isan-tsokajiny entina hanarenana ireo fotodrafitrasa simba indrindra ny fotodrafitrasa an-tsekoly.

□Arak'izany, hisitraka dabilio miisa 300 sy tafo fanitso ny sekoly nahitana fahasimbana.



□Hoezahina ihany koa ny fanafainganana ny famoahana ny vola fanampiana avy amin'ny Fanjakana ho an'ny mpampianatra FRAM ao an-toerana, ho fitsinjovana ny lafiny maha olona.



□Hisitraka "moto" ihany koa ireo kaominina saro-dàlana ao amin'ny fari-piadidiam-pampianarana Nosy Varika. Ankoatra izay, noho ny fahasimban'ny Lisea Ambahy dia homena « tente » 72 m2, sy « tarpaulines » mahavita efitrano 2 io lisea io ary hisitraka boky ihany koa ho fitsinjovana ny fitohizan'ny fampianarana ao an-toerana.



□Nisy ihany koa ny fitsidihana ny CEG sy ny lisea Nosy-Varika ary teto dia nanentana sy niaraha-misalahy tamin'ny vahoakan'i Nosy Varika, amin'ny fanarenana ny sekoly, ny Ministry ny Fanabeazam-pirenena Marie Michelle SAHONDRARIMALALA.

Arak'izany, fantatra fa handefasana boky ny CEG sy ny lisea Nosy-Varika.



G CL 406/31-5